



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiafana - Tanindrazana - Fandrosoana

ce 12/06/24
Su PV
✓
CRA n° 294
Nom de



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-294

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY ALAROBIA 5 JONA 2024 KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 1 JOLAY 2024



Fivoriana faha-3
Natao ny
Alakamisy 6 Jona 2024
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA : Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA : - Andriamatoa HENRI Jean Michel
- Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Alakamisy 6 Jona 2024, tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 5 Jona 2024 ka hatramin'ny Alatsinainy 1 Jolay 2024.

Nitohy ny Alakamisy 6 Jona 2024, tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Mpampakateny Jeneraly Lefitra

Fisaorana azy no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay ary niangavy ny hamakiany indray ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents" ny Alarobia 5 Jona 2024 koa ny tenany, ka toy izao no fivakin'izany:

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY «CONFERENCE DES PRESIDENTS» NY ALAROBIA FAHA-5 JONA 2024

Nivory ny Alarobia faha-5 Jona 2024 nanomboka tamin'ny 3 ora sy sasany, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, Filohan'ny Antenimierampirenena mpisolotoerana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia faha-5 Jona 2024 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory. Nivoitra tamin'izany ny tokony hanomezana fotoana maharitra kokoa hamakiana sy handinihana ny Volavolan-dalàna mifehy ny fanitsiana ny Tetibola 2024. Tokony hampitomboina ireo Vaomiera Maharitra mandinika ireo Volavolan-dalàna satria ny hevitra ny maro mahataka-davitra.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alarobia faha-5 Jona 2024 ka hatramin'ny Alatsinainy 1 Jolay 2024 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy 6 Jona 2024 amin'ny 10 ora, maraina, handraisana fanapahan-kevitra farany.

ORDRE DU JOUR

Pour la période du Mercredi 05 Juin 2024 au Lundi 01 Juillet 2024

MERCREDI 05 JUIN 2024

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

15H 00: Conférence des Présidents - *(Salle BP)*

JEUDI 06 JUIN 2024

10H 00: **SEANCE PLENIERE** - *(Salle des Séances)*
Adoption de l'Ordre du jour

VENDREDI 07 JUIN 2024

10H 00: **SEANCE PLENIERE** - *(Salle des Séances)*

PRESENTATION DU PROJET DE LOI n°012/2024 DU 21 Mai 2024 PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE 2024 PAR Mme LE MINISTRE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

15H 00: **TRAVAUX DES COMMISSIONS** - *(Salle BP)*

- **Commission des Finances et du Budget - *(Saisie au fond)***
- **Commission de l'Economie et de la Planification - *(Saisie pour avis)***
- **Commission d'Evaluations des Politiques Publiques - *(Saisie pour avis)***

- PROJET DE LOI N°012/2024 du 21 Mai 2024 portant Loi de Finances Rectificative 2024

Eventuellement SAMEDI 08 JUIN 2024 10H00 et 15H000

LUNDI 10 JUIN 2024

10H 00 et 15H 00: **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances*)

- PROJET DE LOI N°012/2024 du 21 Mai 2024 portant Loi de Finances Rectificative 2024

MARDI 11 JUIN 2024

09H 00: **TRAVAUX DES COMMISSIONS** - (*Salle BP*)

- **Commission Juridique - (*Saisie au fond*)**
- **Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales - (*Saisie pour avis*) – (*salle BP*)**

- PROPOSITION DE LOI ORGANIQUE n°001-2024/PL complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n° 2005-005 du 22 mars 2006 modifiée et complétée par la Loi organique n°2019-014 du 13 décembre 2019 relative au Statut de la Magistrature Présentée par le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, élu dans le District d'Antananarivo V, Vice-Président de l'Assemblée nationale

09H 00 : **TRAVAUX DES COMMISSIONS** - (*Bibliothèque*)

- **Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation - (*Saisie au fond*)**
- **Commission Juridique - (*Saisie pour avis*)**

- PROPOSITION DE LOI n°002-2024/PL modifiant l'annexe de la Loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, présentée par M. TSARADIA Marco, Député élu dans le District d'Ampanihy Ouest.

15H 00 : **TRAVAUX DES COMMISSIONS** - (*Salle BP*)

- **Commission des Finances et du Budget - (*Saisie au fond*)**
- **Commission de l'Economie et de la Planification - (*Saisie pour avis*)**
- **Commission des Travaux Publics - (*Saisie pour avis*)**
- **Commission des Transports et de la Météorologie - (*Saisie pour avis*)**
- **Commission des Infrastructures et de l'Equipement - (*Saisie pour avis*)**

- PROJET DE LOI n°005/2024 du 07 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over « Maki » croisement entre la Route « Francophonie » et le Boulevard de « l'Europe », conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)

17H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Salle BP)

- **Commission des Finances et du Budget - (Saisie au fond)**
- **Commission de l'Economie et de la Planification - (Saisie pour avis)**
- **Commission de l'Education Nationale - (Saisie pour avis)**
- **Commission de la Population et de la Protection Sociale - (Saisie pour avis)**

-PROJET DE LOI n° 006/2024 DU 07 Février 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du « Projet d'autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293) – East Africa Girls'Empowerment and Résilience Program (EAGER) », conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

MERCREDI 12 JUIN 202410H 00: SEANCE PLENIERE - (Salle des Séances)

-PROPOSITION DE LOI ORGANIQUE n°001-2024/PL complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 modifiée et complétée par la Loi organique n°2019-014 du 13 décembre 2019 relative au Statut de la Magistrature Présentée par le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, élu dans le District d'Antananarivo V, Vice-Président de l'Assemblée nationale

11H 00: SEANCE PLENIERE - (Salle des Séances)

-PROPOSITION DE LOI n°002-2024/PL modifiant l'annexe de la Loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, présentée par M. TSARADIA Marco, Député élu dans le District d'Ampanihy Ouest.

15H 00: SEANCE PLENIERE - (Salle des Séances)

-PROJET DE LOI n°005/2024 du 07 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over «Maki» croisement entre la Route «Francophonie» et le Boulevard de «l'Europe», conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)

JEUDI 13 JUIN 2024 et VENDREDI 14 JUIN 2024

09H 00 et 15H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle des séances*)

- **Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales - (*Saisie au fond*)**
- **Commission de la Population et de la Protection Sociale - (*Saisie pour avis*)**
- **Commission de la Santé Publique - (*Saisie pour avis*)**
- **Commission Juridique - (*Saisie pour avis*)**

-Projet de loi n°024/2023 du 28 novembre 2023 relatif au Code du Travail

LUNDI 17 JUIN 2024

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP*)

- **Commission des Finances et du Budget - (*Saisie au fond*)**
- **Commission de l'Economie et de la Planification - (*Saisie pour avis*)**
- **Commission de l'Agriculture et du Développement Rural - (*Saisie pour avis*)**

-PROJET DE LOI N°003/2024 du 07 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'aménagement hydroélectrique de Ranomafana sur la rivière Ikopa, conclu le 01 août 2023 entre la République de Madagascar et l'Eximbank de Chine

-PROJET DE LOI N°004/2024 du 07 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'électrification rurale dans les Régions de Melaky, de Menabe, d'Atsimo Andrefana, d'Androy et d'Anosy (Projet «ANGOVO»), conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD).

LUNDI 17 JUIN 2024

15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle des Séances*)

- **Commission des Finances et du Budget - (*Saisie au fond*)**
- **Commission de l'Economie et de la Planification - (*Saisie pour avis*)**
- **Commission de l'Agriculture et du Développement Rural - (*Saisie pour avis*)**

-Projet de loi n°010/2024 du 02 mai 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ PLUS), conclu le 01 mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement.

-PROJET DE LOI N°007/2024 du 21 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet TALAKYBE, conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD).

MARDI 18 JUIN 2024

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle des séances*)

- **Commission des Affaires Etrangères - (*Saisie au fond*)**
- **Commission des Postes, des Télécommunications et des Nouvelles Technologies - (*Saisie pour avis*)**
- **Commission de la Sécurité Publique - (*Saisie pour avis*)**

-PROJET DE LOI N°008/2024 du 27 mars 2024 autorisant la ratification de la Convention de l'Union Africaine sur le cyber sécurité et la protection des données personnelles, dite "Convention de Malabo", adoptée lors de la vingt-troisième session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 juin 2014.

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP*)

- **Commission des Affaires Etrangères - (*Saisie au fond*)**
- **Commission du Commerce et de la Consommation (*Saisie pour avis*)**

-Projet de loi n°009/2024 du 02 Mai 2024 autorisant la ratification de l'Accord de partenariat entre l'Union européenne et ses Etats membres d'une part, et les membres de l'OEACP d'autre part ou accord de Samoa.

15H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP*)

- **Commission des Affaires Etrangères - (*Saisie au fond*)**
- **Commission de l'Industrie et Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises - (*Saisie pour avis*)**

-PROJET DE LOI N°020/2022 du 30 novembre 2022 Autorisant l'Adhésion de Madagascar à l'Accord de Georgetown tel que révisé par Décision No.1/CX/10 de la 110^{ème} session du Conseil des Ministres ACP tenue à Nairobi, Kenya, le 7 décembre 2019 et approuvé par le 9^{ème} Sommet des Chefs d'Etat et de Gouvernement ACP tenu à Nairobi, Kenya, les 9 et 10 décembre 2019 ou «Accord de Georgetown révisé».

MERCREDI 19 JUIN 2024

10H 00: **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances*)

-PROJET DE LOI N°006/2024 DU 07 Février 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du « Projet d'autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293) – East Africa Girls'Empowerment and Résilience Program (EAGER) », conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

JEUDI 20 JUIN 2024

10H 00: **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances*)

-PROJET DE LOI N°008/2024 du 27 mars 2024 autorisant la ratification de la Convention de l'Union Africaine sur le cyber sécurité et la protection des données personnelles, dite « Convention de Malabo », adoptée lors de la vingt-troisième session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 juin 2014.

15H 00: **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances*)

-PROJET DE LOI N°020/2022 du 30 novembre 2022 Autorisant l'Adhésion de Madagascar à l'Accord de Georgetown tel que révisé par Décision N°.1/CX/10 de la 110^{ème} session du Conseil des Ministres ACP tenue à Nairobi, Kenya, le 7 décembre 2019 et approuvé par le 9^{ème} Sommet des Chefs d'Etat et de Gouvernement ACP tenu à Nairobi, Kenya, les 9 et 10 décembre 2019 ou «Accord de Georgetown révisé»

VENDREDI 21 JUIN 2024

10H 00 et 15H 00: **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances*)

-Projet de loi n°024/2023 du 28 novembre 2023 relatif au Code du Travail

LUNDI 24 JUIN 2024

10H 00: : **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances*)

-PROJET DE LOI N°010/2024 du 02 mai 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ PLUS), conclu le 01 mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement.

-PROJET DE LOI N°007/2024 du 21 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet TALAKYBE, conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD).

VENDREDI 28 JUIN 2024

10H 00: - Projet de loi n°009/2024 du 02 Mai 2024 autorisant la ratification de l'Accord de partenariat entre l'Union européenne et ses Etats membres d'une part, et les membres de l'OEACP d'autre part » ou accord de Samoa.

15H 00: - PROJET DE LOI N°003/2024 du 07 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'aménagement hydroélectrique de Ranomafana sur la rivière Ikopa, conclu le 01 août 2023 entre la République de Madagascar et l'Eximbank de Chine.

- PROJET DE LOI N°004/2024 du 07 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'électrification rurale dans les Régions de Melaky, de Menabe, d'Atsimo Andrefana, d'Androy et d'Anosy (Projet «ANGOVO»), conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD).

LUNDI 01 JUILLET 2024

11H 00 : CEREMONIE DE CLOTURE ET FIN DE LA LEGISLATURE

**CONFERENCE DES PRESIDENTS
MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RABENIRINA Jean Jacques	Président pi
2	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
2	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
3	Commission de l'Artisanat et du Tourisme	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD
4	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jean d'Arc	GPR

PRESIDENT DE GROUPE PARLEMENTAIRE

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona

REPRESENTANTS DU GOUVERNEMENT:

- RAKOTONDRA SOAVA Fetra, Secrétaire Général MSK
- RAHALISON Onjaniaina Adolphe, Directeur des Affaires Juridiques du Ministère de la Communication et de la Culture
- RAMINOSO Arozoa, Directeur de la Législation et du Contentieux, Primature
- ANITTA Léonce, Chef de Service SRI Primature

Rehefa avy nisaotra azy tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanambara fa hiditra avy hatrany amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, fialan-tsiny tamin'ny tsy nahatongavany tamin'ny fanatrehana ny fivoriana natao omany Alarobia 5 Jona 2024 no voalohan-teniny.

Fanentanana ny Solombavambahoaka amin'ny tokony hanaovana Tolo-dalàna betsaka araka izay azo atao no fandraisam-pitenenana faharoa nataony. Nomarihany koa fa aleo any amin'ny asam-baomiera no tena anaovana ny fandinihana lalina, fa tsy rehefa tonga eto amin'ny fivoriambe vao milaza zavatra maro.

Nomarihany koa fa efa nanolotra Tolo-dalàna tany amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena ny tenany kanefa toa tsy tafiditra ato anatin'ity volavolam-pandaharam-potoana ity izany. Nangataka ny hampidirana izany ato anatin'ity volavolam-pandaharam-potoana ity noho izany ny tenany raha azo atao satria zava-dehibe ho an'ny firenena ny votoatiny.

Taorian'izay, namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa volavolam-pandaharam-potoana naroson'ny mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" izao aroso izao fa tsy mbola fandaharam-potoana efa tapaka. Marihana hoy hatrany ny tenany fa ny fivoriambe no manapakevitra farany. Tsapa tokoa fa tsy tafiditra tao anatin'izay volavolam-pandaharam-potoana izay ny Tolo-dalàna natolotry ny Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo ka ny fivoriambe araka ny voalaza teo no hanapaka na tsia ny hampidirana izany.

Nanambara koa ny tenany fa tokony hampahatsiahivin'Andriamatoa Filoha Lefitra ny votoatin'io Tolo-dalàna io raha azo atao.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo, nambarany fa momba ny raharaham-pitsarana eto Madagasikara no voarakitr'izany Tolo-dalàna izany. Efa napetraka any amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena izany, koa raha mety dia izy no tokony homena fitenenana hanazava azy satria lavalava ihany ny zavatra voalaza ao anatin'ny.

Mbola namerina ny fanentanana ny Solombavambahoaka mba hanolotra Tolo-dalàna hatrany ny tenany teo am-pamaranana ny teniny amin'izay mba tsy hiandry ny Fahefana Mpanatanteraka hatrany amin'ny resaka lalàna ny Antenimierampirenena.

Raha nomena fitenenana kosa Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, niangavy ny hampidirana ny resaka toaka gasy izay natolotr'Andriamatoa Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Fianarantsoa amin'ity volavolam-pandaharam-potoana ny tenany satria efa lany teto amin'ny Antenimierampirenena izany kanefa tsy fantatra ny tohiny sady efa ho tapitra koa ny fe-potoam-piasan'ny Solombavambahoaka nandany azy teto.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas kosa niangavy ny hampidirana amin'ity volavolam-pandaharam-potoana ity ny Tolo-dalàna mikasika ny "maintien" ho an'ireo Mpitsara eto Madagasikara raha azo atao.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy manapakevitra ny fivorian'ny "Conférence des Présidents" fa famolavolana ny fandaharam-potoana no ataony ary araka ny efa voalaza teo aloha dia ny fivoriambe no manapaka farany.

Raha mikasika ny resaka toaka gasy kosa, efa lany teto amin'ny Antenimierampirenena iny Tolo-dalàna iny, nalefa tany amin'ny Antenimierandoholona avy eo ary nanaovany asam-baomiera kanefa tsy nolaniany.

Ho an'Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe indray, sosokevitra no narosony ka nambarany tamin'izany fa efa tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ny Volavolan-dalàna momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024. Maninona raha tonga dia atomboka rahampitso Zoma 7 Jona 2024 ny fampahafantarana ankapobeny tokony hataon-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mikasika izany.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tokony hatao rahampitso tokoa ny momba izay kanefa araka ny vaovao heno dia tsy afaka, Ramatoa Minisitry, ka izany no antony nanemorana ny fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024, ho amin'ny faha-17 Jona 2024 ho avy izao.

Raha nomena fitenenana kosa Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, nambarany fa tokony hatao laharam-pahamehana ny fandinihana Tolo-dalàna naroson'ny Solombavambahoaka. Ahoana no fomba ahafahana mampiditra azy ireo ao anaty fandaharam-potoana satria efa ho tapitrany fe-potoana iasana. Inona no havalinay ny vahoaka nifidy anay raha tsy hodinihana izy ireo.

Nangatahany ihany koa ny hamintinana ny zava-bita teto amin'ny Antenimierampirenena nandritra izay fe-potoana niasana izay.

Raha ny fahatsapana azy, tsy nisy ny fanaraha-maso nataon'ny Antenimierampirenena mikasika ny asa nataon'ny Governemanta, koa mangataka ny hanaovana izany raha azo atao.

Taorian'izay, namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa nisy tokoa ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-001-2024/PL° momba ny Mpitsara natolotr'Andriamatoa Filoha Lefitra

misahana ny Faritanin'Antananarivo, ka ny fivoriambe ihany no afaka manapaka ny hampidirana azy na tsia ao anaty fandaharam-potoana.

Nanamafy ny hampidirana ny Tolo-dalàna ao anaty fandaharam-potoana ihany koa Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, raha nandray fitenenana.

Tahaka izay koa no nambaran-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique, hoe aleo ampidiriana ireo Tolo-dalàna sady nanontaniany ny momba ny Tolo-dalàna narosony mikasika ny Fahaleovantenan'ny Oniversite izay efa lany teto anivon'ny Antenimierampirenena.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa efa nandraisan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenena (HCC) fanapahan-kevitra ny momba an'izay ka miandry isika.

Taorian'izay, nambarany fa handray fanapahan-kevitra amin'ny hampidirana ny Tolo-dalàna naroson'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina ao anaty fandaharam-potoana ny fivoriambe.

Mbola nomena fitenenana anefa Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, ka nambarany ny tokony hampidirana izany ary aorian'izay vao tokony hatao ny fanazavana azy.

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina kosa nanamarika fa ny fanontaniana tokony hipetraka dia hoe: iza no Solombavambahoaka manaiky ny hampidirana azy ao anaty fandaharam-potoana fa lasa toa hivaona ny resaka.

Mbola nanamafy ny tokony hisian'ny fihaonana eo amin'ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena kosa, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa raha nomena fitenenana.

Taorian'izay, natao ny tsangan-tànana ka Solombavambahoaka miisa 18 no nanaiky; iray no nitsipaka ary tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny hampidirana ao anaty fandaharam-potoana ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2024/PL° momba ny Mpitsara eto Madagasikara, naroson'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, nambarany fa nisy sosokevitra natolony manao hoe: tsy ny fampidirana azy no zava-dehibe fa ny fandinihana sy ny fandraisana fanapahan-kevitra. Amin'ny maha Lalàna Fehizoro azy anefa dia mila ny antsamamilan'ny Solombavambahoaka vao lany io Lalàna io. Raha azo atao, aleo mba hatao ny Alatsinainy 10 Jona 2024 ny asam-baomiera ary ny Talata 11 Jona 2024 kosa ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra no hatao.

Raha nandray fitenenana kosa, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, nanamafy ny voalazan'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, hoe mety tokoa ireo daty nambarany teo ireo.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ny Talata 11 Jona 2024 no hatao ny asam-baomiera mikasika azy io ary ny Alarobia 12 Jona 2024 kosa no handraisana fanapahan-kevitra momba io Tolo-dalàna io.

Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth, nambarany fa sadaikitra ny tenany raha ahemotry ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fampahafantarana ny Volavolan-dalàna momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024. Nantsoina ry zareo ary namaly fa afaka hanao an'izay fampahafantarana izay izy rahampitso.

Nanamafy an'izay Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica, fa mety tokoa raha hatao rahampitso izay fampahafantarana izay hataon-dRamatoa Minisitry izay.

Mbola nanamafy izay voalaza teo aloha ihany koa Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa mety izay sosokevitra izay.

Raha nandray fitenenana, RANDRIANASOLO Augustin, nanamarika ny tenany fa zava-dehibe loatra ity Volavolan-dalàna momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ity. Vonona amin'ny asa tokony hatao ve ny mpikambana ao amin'ny asam-baomiera satria sao ho vitsy no handinika azy ka lasa tsy hanan-danja ny zavatra hivoaka avy ao. Izany hoe, tokony hampandrenesina aloha ireo mpikambana amin'io Vaomiera io raha mety.

Nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas ary nanambara fa anisan'ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera ny tenenany. Vonona izahay raha ny nambarany fa aroso ny daty handiniana azy.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa handraisana fanapahan-kevitra ny hanaovan-dRamatoa Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mikasika ny fampahafantarana ny Volavolan-dalàna momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024, rahampitso Zoma 7 Jona 2024.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hatao rahampitso Zoma 7 Jona 2024, ny fampahafantarana ny Volavolan-dalàna momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024, hotanterahin-dRamatoa Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nanamarika ny tenany fa sao tsy tonga eto Ramatoa Minisitry, rahampitso, ka aleo amafisina aminy tsara ny zavatra tapaka teto.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ho tonga Ramatoa Minisitry rahampitso ary aorian'izay, mitohy avy hatrany amin'ny asam-baomiera ny asa hatao.

Nanamafy Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, fa raha eto an-toerana Ramatoa Minisitra dia aleo hatao rahampitso io fampahafantarana io.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa handraisana fanapahan-kevitra ny volavolam-pandaharam-potoana nasiam-panitsiana miampy ny fampahafantarana hataon-Ramatoa Minisitra teo.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipka Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 25 no nandany ; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 5 Jona 2024 ka hatramin'ny Alatsinainy 1 Jolay 2024, araka ny fanitsiana natao teo.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana; koa ny Zoma 7 Jona 2024, amin'ny 10 ora, maraina, ny fampahafantarana ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 May 2024 momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024, hotanterahin-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Aorian'izay, miroso avy hatrany amin'ny asam-baomiera handinika io Volavolan-dalàna io. Ireto no Vaomiera voakasika amin'izany: Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana.

Antsoina koa hivory ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra, handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 sy ny laharana faha-004/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024. Tafiditra ao anatin'izay asam-baomiera izay ihany koa ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Manentana ny mpikambana rehetra amin'ireo Vaomiera ireo mba havitrika hamonjy an'ireo asam-baomiera ireo.

langaviana ihany koa ny tomonandraiketry ny serasera ato amin'ny Antenimierampirenena hampita tsy tapaka ny vaovao momba ireo fivoriana isan-tsokajiny ireo amin'izay mba tsy hisy hadino ny fanadaharam-potoana rehetra.

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

